Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

15 Avril 2020

Mitarika : Past Zaranaina ANDRIALAMPISON

Mpitandrina : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo, ho aminareo rehetra anie !

Hira : Chorale

Vavaka

Lohahevitra : *« Ny fiorenana tsara ao amin'i Kristy dia miseho amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo. »*

Hira : 142 FFPM and 1,2 « Tafatsangana tokoa »

1) Ny zava-nisy tao amin'ny fiangonana tany Korinto (Contexte)

Vakiteny 1 : 1 Kor 15, 12-20

« 12 Ary raha Kristy no torina fa natsangana tamin' ny maty, ahoana no ilazan' ny sasany eo aminareo fa tsy misy fitsanganan' ny maty?13 Fa raha tsy misy fitsanganan' ny maty, na dia Kristy aza dia tsy natsangana;14 ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny toriteninay, ary foana koa ny finoanareo.15 Ary dia hita ho vavolombelona mandainga ny amin' Andriamanitra izahay, satria efa nilaza fa Andriamanitra no nanangana an' i Kristy; nefa raha tsy hatsangana ny maty, dia tsy mba natsangany Izy.16 Fa raha tsy hatsangana ny maty, na dia Kristy koa aza dia tsy

natsangana;17 ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ary mbola ao amin' ny fahotanareo ihany hianareo;18 dia very koa izay efa nodimandry ao amin' i Kristy.19 Raha amin' izao fiainana izao ihany no anantenantsika an' i Kristy, dia mahantra indrindra noho ny olona rehetra isika.20 Nefa tsy izany, fa efa natsangana tamin' ny maty tokoa Kristy ho santatr' izay efa nodi-mandry. »

Fanazavana ny Teny

Hira : 452 FFPM « Tompo ô, ovay ny foko »

Vavaka :

- fangatahana famindram-po sy famelan-keloka avy amin'Andriamanitra noho ny ditra sy ny tsy fahamendrehana teo anatrehany.

- fangatahana fiainam-baovao avy amin'ny Tompo

Vavaka (Mpitandrina) :

2) **Inona ny asan'ny Tompo ? (araka ny tenin'i Paoly hoe : *« Miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin' ny asan' ny Tompo. »***

Vakiteny 2 : 1 Kor 15, 30-34

« 30 Ary nahoana izahay no manao vy very ny ainay mandrakariva?31 Lazaiko marina, ry rahalahy, amin' ny fireharehako noho ny aminareo, izay ananako ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika, fa maty isan-andro aho.32 Raha araka ny fanaon' olona no niadiako tamin' ny bibi-dia tany Efesosy, inona no soa azoko amin' izany? Raha tsy hatsangana ny maty, dia aoka isika hihinana sy hisotro, fa rahampitso dia ho faty.33 Aza mety hofitahina hianareo; ny fikambanana amin' ny ratsy manimba ny fitondran-tena tsara.34 Mifohaza tsara, ary aza manota; fa ny sasany tsy

manana ny fahalalana an' Andriamanitra; ny hampahamenatra anareo no ilazako izany. »

Fanazavana ny Teny

Hira : 305 FFPM and 1,2 « O ! miasà sakaiza »

Vavaka :

-ho an'ny olona rehetra mba hanao ny asan'ny Tompo (asan'izay nitsangana tamin'ny maty)

- ho an'ny marary sy ireo azon'ny manjo

- fangatahana fiarovana amin'ny Tompo amin'ny aretina maro samihafa

Vavaka (Mpitandrina)

3) Inona no tian'i Paoly hambara amin'ny hoe : « Tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin' ny Tompo. »

Vakiteny 3 : 1 Kor 15, 57-58

Fanazavana ny Teny
Hira: 146 FFPM and 1,2 « Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray »
Vavaka:

- fangatahana ny Tompo mba hitahiry ny mino eo Aminy.

- ho an'ny firenena rehetra manerana ny tany sy ny mpitondra azy

- ho an'ny Fiangonana Kristiana maneran-tany, FPMA sns.

- ho an'ny tokan-trano tsirairay avy

Hira: 146 FFPM and 3

Vavaka (Mpitandrina) faranana amin'ny « Rainay izay any an-danitra… »

Tsodrano : *« Hambinina sy ho salama amin' ny zavatra rehetra anie hianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany. »* (3 Jao 1,2). Amena.